FLM Synodam-Paritany Afovoany
Ny Komitin'ny Toby Fanokanana mpiandry
sy fitaizana marary ao Ambodireana
Mananjarasoa
Ny zanaka Ankaramalaza Manohana ny
Toby Ambodireana Fianarantsoa

Fianarantsoa, faha -27 Jona 2011

''Ho aminareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andrimanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo''

Tompoko,

Hankalaza ny faha-20 taona niorenany ny TOBY Ambodireana Mananjarasoa amin'ny 2012 ka dia mampandre anareo izahay. Ny programa mbola hoavy manaraka.

Efa mamolavola ny fanatanterahana izany izahay izao.

Ny Teny natao hono hoe, mora tsarovana, ary ny Asa efa natomboka mora tohizana.

Iarahantsika mahalala fa tsy mbola vita ny trano ho an'ny Marary niarahantsika nanao ao Ambodireana Mananjarasoa izay nanomezanareo vola.

Rehefa lany nanaovana Brika 30 000 ny vola taty aminareo ny 2009, dia niezaha izahay nandrafitra izany sady nanafo ny trano araka ny hery teto aminay (jereo ny sary). Mbola mamerina etoana ny fisaorana tamin'ny Fiaraha-miasa avy taty aminareo izahay

Toy izao ny momba ny trano. Vita ny efitra roa (02) ambany rihana.(tsy tratra ny rihana)

- *Ka ny Brika 30 000 dia ny vola taty aminareo no nampiasaina (800 FS)*
- *Ny Komity manohana ny Toby no nanarama ny fandrafetana ny brika= 600 000 Ariary*
- *Zanaka Ankaramalaza monina eto Fianarantsoa no niantoka ny tafo efa mipetaka izay marihina fa tsy ampy 10 isa (jereo ny Sary)*
- *Marihina fa mbola ny antsasaky ny trano no tratra ka notafoana io*
- *Vita koa ny dallage efitra roa (mbola ny Komity manohana ny Toby no niantoka)*

Eto izahay dia mbola miangavy fanampiana avy aty aminareo mba hamitana ny trano alohan'ny Fankalazana ny faha-20 taona voalaza eo ambony, raha sitrakareo.

Hoy I JESOSY: '' Tsaboy izy; ary na hoatrinona na hoatrinona no laninao mihoatra noho ireto dia honerako, rehefa miverina aho.'' ….. (Lio. 10 -35)

Koa dia tolorana fisaorana mialoha hianareo sy izay malala-tanana rehetra ho amin'izany
Dia manao veloma finaritra amin'ny Anaran'I JESOSY.

Ny Komity manohana ny Toby
Ny Tonia, sady Tresorier SPAf/FLM

Rafaralahy Xavier Theophile

Nasiana tafo vonjimaika nandraisana
vahiny tamin'ny fanokanana 2010


Tsy ampy ny tafo eto

Fondation trano Marary nanomenzan'
ny FKMSM Fanampiana 2008

Sationa Trano Marary
ao An-toby hosoloantsika
Jereo sary